MINISTÈRE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
---------
SECRÉTARIAT GÉNÉRAL
---------
DIRECTION GÉNÉRALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR
---------
DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR
---------
Service du Baccalauréat

BACCALAURÉAT D'ENSEIGNEMENT GÉNÉRAL

SESSION 2023

OSE

Série : OSE
Options : OSE
Code matière : 005

Épreuve de : MALAGASY
Durée : 04 heures
Coefficient : 3

**NB : - Tsy maintsy atao ny laza adina I**
**- Isafidianana ny laza adina II**

**I. <u>LAZA ADINA I</u> :** (tsy maintsy atao) **(Isa 06)**

1- Omeo ny fizarana hita ao amin'ny tantara <u>Vakivakim-piainana</u>, ka alaharo araka ny fisehony **(Isa 2)**

2- Manomeza ohabolana na fomba fiteny roa ka :
   a) Ny iray maneho fa tsy maintsy mihatra eo amin'ny fiainana ny tody ;
   b) Ny iray maneho fa ratsy mandrakariva ny tsiny. **(Isa 2)**

3- Ahitsio ny diso amin'ity fehezanteny ity :
« Mazàna isika malagasy no voatery mandefin-dava eo anatrehan'ny fampiharana ny lalàna nohon'ny hevitry ny mpitondran-tsika. » **(Isa 2)**

**II. <u>LAZA ADINA II</u> :** (Isafidianana ny A sy B) **(Isa 14)**

**A- <u>FAMAKAFAKAN-KEVITRA</u>**

Hoy ny Ntaolo : « Ny vola Ramangakatsahina, ny aina Ramangatahiana. »

**Fakafakao.**

**B- <u>FANADIHADIANA LAHATSORATRA</u>**

- Hanao boto ? Lehilahy efa mba teny amin'ny Oniversite ve dia hanao boton'olona? Tsy rariny kosa izany !
- Fa angaha ny « mahalehilahy lehibe teny amin'ny Oniversite » ahy hahitako ny haniko isan'andro ? Ary inona intsony moa izay Rariny e ? Ny miasa an-trano no mba haiko sy mora mety hahitana asa. Izay no anjara tratrako …
- Marina kanjo ny anao ! Tena mampalahelo isika tanora ankehitriny. Mba nianatra ihany. Mba nandanian'ireo ray aman-dreníntsika fototra amam-pondrana ihany… nefa dia izao : tsy an'asa. Fahiny rehefa miteny i Dada mialoha ny taom-pianarana vaovao dia hoe : « Mianara tsara ! Tsy mba manan-kolovana afa-tsy ny fahaizana ianareo. Mianara dia ho tafita » ! Ankehitriny anefa, toa izay nianatra indray ity no mila ho rendrika (…)
- Izany anie no ilazako hoe : tsy hitako intsony izay Rariny ! Raha ny fikirizako fahiny, ry Meja, tsy haniry izay ho mpiasa an-trano izany mihitsy aho ! Tsy ho izany velively no tanjoko (…) saingy resy e ! Ny hahitana izay sitrany ahay vaza-mihetsika sisa …

**Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA,**
**<u>Vakivakim-piainana</u>, tak 26 – 27**

**Hadihadio ny lahatsoratra**